


# ALAHADY TRINITE MASINA - TAONA D2022



« Fa rehefa tonga ny Fanahy fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo amin'ny marina rehetra » (Jo. 16: 13)

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo isika nankalaza ny Pantekôty tamin'ny fomba manokana tany Andapa. Isaorana Andriamanitra. Lazaintsika fa tsy tanjona fa dingana

lehibe. Départ vaovao hoy isika. Pantekôty Vaovao eto amin'ny diosezy. Ka amin'ny maha Pantekôty dia maniraka antsika hiroso amin'ny lalindalina koa. Raha tadinetsika dia enga anie ny fankalazana notanterahantsika nahatsapantsika ny asan'ny Fanahy Masina izay mampiombona antsika

Vakiteny I : Oh. 8, 22-31  
Tononkira : Salamo 8  
Vakiteny II : Rôm. 5, 1-5  
Evanjely : Jo. 16, 12-15

amin'Andriamanitra ka mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra ao amin'ny Trinité Masina. Izany no ankalazantsika rehefa mandray ny batemy isika satria mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, ho fahariana vaovao. Ny Fanahy masina no mankahery antsika ka na dia eo aza ny olana maro mety mitranga amin'ny fainantsika ka mahavery fanantenana antsika dia matoky isika satria ny Fanahy izay nanangana an'i Jesoa ho velona no ato amintsika koa ka feno fanantenana isika ary hamafy izany eo amin'ny mpiara-belona amintsika na dia maro ny manahirana sy ny mahakivv noho ny fanentanan'ny Fanahy Masina.

Maniraka antsika izy ho mpamafy fiadanana satria ao amintsika ilay Fanahy Masina mampiombona antsika amin'Andriamanitra dia ilay Fanahy Fitiavana.

Amin'izao Alahady ankalazantsika ny Trinité Masina, Andriamanitra tokana olona telo, marina tsy takatry ny saintsika izany matetika fa matoky ny fahasoavan'Andriamanitra isika. Ny Trinité Masina no mampiavaka ny fivavahantsika, ny fivavahana hafa dia tsy mankato izany Andriamanitra tokana olona telo : Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Tsy hoe zarazaraina Andriamanitra, tokana izy fa olona telo izay miombona amin'ny Ray ka ankalazaintsika manaraka ny Pantekoty, hahafahantsika tokoa mibanjina an'izay Trinité Masina izay, ary ny Fanahy Masina ao amintsika no hahafantarantsika sy handraisantsika ny Trinité Masina araky ny fampianaran'i Jesoa "*ho avy ny Fanahy Masina hanampy anareo hahatsapa zavatra maro mbola tsy fantatrareo*".

Inona no ahafahana mampisongadina ny "Tokana olona telo", dia tsy inona fa Andriamanitra Fitiavana, fivelomana izany no ambaran'ny fiombonan'ny Trinité Masina dia ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Manambara izany fivelomana ny fitiavana izany koa ny famantarana ny hazo fijaliana ataontsika rehefa hanomboka vavaka isika "Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina". Rehefa mamarana ny vavaka isika dia ataontsika koa ny "Voninahitra anie ho an'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina" satria ao amin'ny Trinité Masina ny voninahitra.

Ankalazaintsika androany ny Trinité Masina. Marina fa isaky ny mivavaka isika dia mibanjina ny Trinité Masina fa tian'ny Eglisy kosa isika androany, andro manokana ankalazana ny Trinité Masina handinika izany mistery lehibe mampiavaka antsika amin'ny finoana hafa izany ary ao no hanovozantsika ny maha Kristianina antsika. Izany no maha Eglisy antsika dia ny fiainantsika miaraka amin'ny Trinité Masina. Tsy takatry ny saintsika olombelona izany fa ny fahasoavan'Andriamanitra no miaraka amintsika. Ao amin'ny vakiteny voalohany talohan'ny fisian'ny tany dia efa nisy ny fahendrena "*Izao no lazain'ny Fahendren'Andriamanitra: Nanana ahy hatramin'ny fiandohan'ny lalany ny Tompo, dia talohan'ny asany ela indrindra. Efa niorina hatramin'ny mandrakizay aho, hatramin'ny voalohany, talohan'ny niandohan'ny tany*". Ny Boky Ohabolana dia milazalaza ny momba Fahendren'Andriamanitra. Asongadin'ny Mpanoratra ny maha-ao amin'Andriamanitra Azy talohan'ny asany rehetra. Môdelin'ny zavatra voaary izy, ivo sy eo anelanelan'ny Mpahary sy ny misy manontolo. Mbola manjovazavo ny momba ny Misterin'ny Trinite Masina eto. Na izany aza dia tsy Iza io fahendrena io fa i Kristy, ilay Teny Tonga Nofo, Zanaka lahitokana an'Andriamanitra nisy talohan'izao rehetra izao, hoy Md Paoly, raha tsy Izy tsy nisy izao rehetra izao.

Tohizan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa ny fanehoan'ny vokatry ny asan'ny Fahendrena Andriamanitra dia i Kristy ka feno fahasoavana avy Aminy izay miombona Aminy noho ny Asan'ny Fanahy Masina. Izany hoe zary fahariana vaovao rehefa vita batemy olombaovao. Hamafisin'i Md Paoly ny fifandraisana misy eo amin'ny Trinite Masina sy ny maha-Andriamanitra Tokana telo Azy : Avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy ao amin'ny Fanahy no ahazoantsika ny fahasoavana. Hita taratra amin'ny asam-pamonjena sahanin'ny tsirairay ny maha-Olona tokana Olona telo Azy ireo. Ivo sy fototry ny "fanamarinana" antsika i Jesoa Kristy sy ny finoantsika Azy. Tamin'ny alalany dia efa nohamarinan' Andramanitra ka tsy iharan'ny hatezerany intsony isika. Ankehitriny dia efa nampihavaniny ka Olo Araiky ao

Aminy migoka ny fahasoavana avy Aminy indrindra noho ny asan'ny Fanahy Masina dia mandray ny Fitavany narotsany ao am-pontsika isika vita Batemy.

Io Asam-pamonjena entanin'ny Fanahy Masina io no tsy maintsy tohizantsika EOV, Kristy Mpriara-belona amin'izao. Izany no antom-pisian'ny Sinaody hanampy antsika ho Eglisy Olo velomin'ny Batemy, miombona, mandray an-tanana ka zary Tabernakla velona. Io no lalana hanorenantsika ny FIANAKAVIAN-JANAHARY, FRATELLI TUTTI, OLO ARAIKY ISIKA JIABY izany hoe ho OLO ARAIKY AO AMIN'NY TRINITE MASINA ISIKA. Io ihany koa no lalana hanorenantsika ny TRANOBE IOMBONANA izay efa potika noho ny rafi-pahotana. Raha miova tokoa ho tsara ny fifandraisana dia manarina ny tranobe iombonana isika amin'ny alalan'ny rafi-pivelomanana mikolokolo tontolom-piainana mampanjaka ny fifankatiavana, mitondra amin'ny fihavanana sady kristianina no malagasy.

Mifototra amin'Andriamanitra tokana olona telo ny vakiteny androany izay manampy antsika handalina bebe kokoa fa fiombonona ny Trinite Masina. Iray ihany izy Andriamanitra tokana fa tsy azo sarahina nefo olona telo satria Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Ray be famindram-po, Zanaka ilay nanambara ny Ray ary ny Fanahy Masina ilay noraisintsika ka mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra ho oloaraiky ao aminy. Izany no mahatonga antsika miombona tanteraka ao amin'ny Trinité Masina.

Miombom-bavaka amin'ireo fikambanan-drelijozy ambany fiarovan'ny Trinité masina, miasa eto amin'ny diosezintsika izay mizara ny fiombonana ao amin'ny Trinité Masina entanin'ny Fanahy Masina isika.

Ry Andriamanitra Ray ô, ankalazainay anio tokoa lanao fitiavana Andriamanitra tokana fa olona telo, Trinité Masina. Miray fo izahay Kristianina rehetra, mirary Fo miombona amin'ny Trinité Masina ka arotsahy aminay ny fahasoavana mba hahafahanay hitory amin'ny fiaianay manontolo fa fianakaviamben'Andriamanitra izahay, Eglisy Olona Velona manorina Eglisy Tranon'Andriamanitra, anjakan'ny fifankatiavana. Ry Ray Zanaka Fanahy Masina, ampio izahay hampiray ny olombelona rehetra ao amin'ny Fitavano ka hirodana sy ho potika ny fizaraazarana rehetra sy ny efitra vokatry ny fahotana. Enga anie ho olo raiky ao aminao izahay jiaby ary ny fitavano hanentana anay mandrakariva ka hahatonga anay ho fanasina sy fahazavana ka ho zary Kristy mpiara-belona tokoa eo amin'ny manodidina anay. Masina Maria Reny mpampihavana, navelanao hiasa tao aminao ny Fanahy, mivavahà ho anay mba hahay handray ny Fanahy Masina koa izahay ka ny fiaianay anie ho Mpampiombona sy Mpampihavana. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson